


## ALAHADY FAHA 23 MANDAVANTAONA - A



### **NY KRISTIANINA TSY MIFAMPIJERY ARINA AN-TAVA**

Ry Kristianina havana, tsy mitsahatra isika mamerimberina satria mamporisika anareo aho hibanjina bebe kokoa ny toetran'i Kristy amin'izao taonan'ny fandalinam-pinoana izao. Ny fototry ny fandalinam-pinoana dia i Kristy ka ny toetrany no banjinintsika hahatonga antsika Kristy velona eo anivon'ireo manodidina antsika. Fanahafana an'i Kristy no iezahantsika, haka tahaka an'i Kristy isika amin'ny fiainantsika manontolo, amin'ny toetrantsika ka izay no iezahantsika amin'izao taonan'ny fandalinam-pinoana izao. Ny toetra anankiray hafa indray no atolotry ny vakiteny amintsika androany. Raha tamin'ny Alahady lasa nolazaintsika fa tsy maintsy miala amin'ny henamaso sy ny

fitapitaka isika fa aoka hiezaka mba hanambara ny marina sy hananatra ny hafa eo anivon'ny Eglizy izany hoe hanana ny toetran'i Kristy izay mampiombona ka hanana "esprit d'église" isika tsy hanavakavaka na hanefitrefitra fa hitady ny fiombonana ao amin'ny fahamarinana. Amin'izao Alahady faha -23 izao dia momba ny fifamelan-keloka ny famindrampo no

Vakiteny I : Ez. 33, 7 - 9  
Tononkira : Salamo 94  
Vakiteny II : Rôm. 13, 8-10  
Evanjely : Mt. 18, 15-20

atolotr'ireo vakiteny 3 aroso amintsika androany izany hoe marina tokony tsy hanana henamaso isika tsy hanao fitsarahambelatsihy ary aoka tsy hanana arina tava. Lazain'i Jesoa amin'ny Evanjely izay renesintsika androany raha nanontany i Piera hoe : impiry moa hifamela heloka ny olona ? impiry aho mamela heloka ny rahalahiko raha diso izy, impito satria isa masina io, nolazain'i Jesoa fa impitompolo fito satria tsy misy fetra ny famelan-keloka mba hitovizantsika amin'ny Ray izay any andanitra izay mampiposaka ny masoandro amin'ny olona rehetra na marina io na tsy marina. Izany ny fanoharana nataon'i Jesoa izay hahitantsika an'ilay mpampiasa namela ny trosan'ny mpiasany ary

rehefa nifona taminy izy, indrisy inty mpiasa inty izay manana trosa be tamin'ny namany dia tsy namela an'izay trosa izay ka nampamono azy aza dia farany tezitra ilay mpampiasany. Io ny fiainantsika andavanandro araka ny voalaza ny vakiteny voalany dia lolompo lalandava ka tsy mamela heloka ka mifanapotika ka izay no mahatonga antsika taorian'ny JMJ ami'nizao ezaka ataontsika izao mba ho taranaka manorina fa tsy taranaka mifanapotika ao anatin'ny herisetra. Avy ao amin'ny fontsika ny herisetra izay ny mahatonga ny lolom-po satria efa lo ny fontsika ka mahatonga ny lainga sy fitapitaka manao valifaty, maso efaimaso nify efainify ka ny vokany dia mifanapotika sy mifandringana isika na dia eo anivon'ny fianakaviana aza. Firy ny fianakaviana mifanapotika noho ny herisetra, izay no hivavahantsika isaky ny asabotsy andron'ny fianakaviana.

Raha tiantsika ny hanorina ny eglizy olona tokoa aoka ataontsika ho lohalaharana eo amin'ny fifandraisantsika andavanandro ny fifamelankeloka. Hoy i Md Paoly manavotra antsika I Jesoa ka , raha velona isika dia aoka ho velona ho an'i Kristy ary maty ao amin'i Kristy. Midika izany fa miala amin'ny valifaty sy lolom-po isika fa miaina kosa ny toetran'i Kristy; Izy izay namela ireo namono azy teo amin'ny hazo fijaliana.

Tsy iza anefa no namono azy fa isika amin'ny fahotana.

Ry Jesoa Kristy ô, ianao tokoa tsy manao kobaka ambava ary izay ampianarinao dia iainanao, ampianarona izahay araky ny hafatrao tamin'i Piera io izay nanontany ny momba ny famelan-keloka dia lazainao àry fa tsy misy fetra ny famelan-keloka ary dia amin'ny alalan'izay no hahafahana manorina fiaraha-monina vaovao anjakan'ny rariny sy ny fifankatiavana ao anatin'ny fihavanana marina. Enga anie ho tanteraka aminay tokoa izany. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson